

« **Samy mpisorona ny mpino rehetra** » (TOHINY)

LE SACERDOCE UNIVERSEL DES CROYANTS (Suite)

Le cœur de la foi protestante réside dans une série d'affirmations surnommée les 5 soli: soli Deo gloria, solus Christus, sola gratia, sola fides, sola scriptura (à Dieu seul la gloire, Christ seul sauveur, une seule grâce, une seule foi, une seule Écriture). De là découlent plusieurs grandes idées développées par les Réformateurs, dont le sacerdoce universel des croyants.

« **Manatòna ny Tompo ianareo mba ho tahaka ny vato velona voarafitra ho trano onenan'ny Fanahy Masina, ka hiara-manao fisoronana amin'ny alalan'i Jesoa Kristy... Fa ianareo dia taranaka voafidy, FANJAKA-MPISORONA, firenena masina, vahoaka natao ho fananan'Andriamanitra, mba hitory ireo asa lehibe vitan'Andriamanitra izay niantso anareo hiala tamin'ny haizina ho any amin'ny fahazavana mahagaga. » (1 Petera 2:5,9)**

« Approchez-vous de lui. Alors, vous aussi, comme des pierres vivantes, vous servirez à construire la maison de l'Esprit Saint. Vous formerez une communauté de prêtres saints , pour offrir des sacrifices selon l'Esprit de Dieu, et Dieu les acceptera à cause de Jésus-Christ. Mais vous, vous êtes la race choisie, LA COMMUNAUTÉ DES PRÊTRES DU ROI, la nation sainte. Vous êtes le peuple que Dieu a choisi pour annoncer les grandes choses qu'il a faites. Il vous a appelés à sortir de la nuit, pour vous conduire vers sa lumière magnifique. » (1 Pierre 2:5,9)

I - **Ny fisoronan'ny mpino tao amin'ny T.T. (Le sacerdoce dans l'A.T.)**

A - **Ny zanak'Israely dia nataon'A/tra fanjakam-pisorona.**

Dans le livre de l'Exode, **toute la descendance d'Abraham**, d'Isaac et de Jacob est considérée comme « **un royaume de sacrificateurs et une nation sainte**» (Ex 19, 6). Ce royaume de sacrificateurs est lié au respect de l'alliance de grâce.

«*Efa hitanareo izay nanaovako ny Ejiptianina, efa hitanareo koa ny nitondrako anareo atỳ ho eto anilako toy ny itondran'ny voromahery ny zanany eo amin'ny elany. Koa ankehitriny, raha mihaino tsara izay lazaiko ianareo ka manaja ny fanekempihavanako , dia hanjary vahoaka sarobidy manokana ho Ahy (rakitra soa: קִגְלָהּ cegullah) eo amin'ny firenena rehetra. Fa Ahy manko ny tany manontolo, saingy ianareo kosa dia ho fanjaka-mpisorona ho Ahy, (מִמְלַכַּת כֹּהֲנִים kō-hă-nîm mam-le-keṭ) ho firenena voatokana hanompo Ahy... » (Eks 19:4-6)*

Nofidian'Andriamanitra ny Israely mba ho rakitra soa (סְגֻלָּה *cegullah*) ho Azy sy ho fiasana eo an-tanany mba hamonjena ny firenena rehetra.

=> **Izany no nanaovana azy hoe « Fanjaka-mpisorona »**. Le cœur de la foi protestante réside dans une série d'affirmations surnommée les soli: soli Deo gloria, solus Christus, sola gratia, sola fides, sola scriptura (à Dieu seul la gloire, Christ seul sauveur, une seule grâce, une seule foi, une seule Écriture). De là découlent plusieurs grandes idées développées par les Réformateurs, dont le sacerdoce universel.

Koa tsy azo sarahina amin'ny Fanekempihavanana ny fanjakam-pisorona satria miankina indrindra amin'ny maha mafy orina ny Fanekempihavanana ny maha fanjakam-pisorona ny zanak'Israely.

B - Ny nanavaozana ny fanekempihavanana taorian'ny ombilahikely volamena.

Dieu rétablit son alliance avec les Israélites après l'épisode du veau d'or.

« **Vous ne viendrez pas dans le lieu saint les mains vides.** » (Exode 34:20)

«...Aza mankao amin'ny Toeramasina **mitondra tanam-polo** » (Eks 34:20)

D - Ny sorona fanalana ota sy sorom-panorenana.

Le sacrifice pour le péché (*hatta't*) ainsi que le sacrifice de réparation (*āsām*) sont institués au Sinai.

« ... «Izao no lalàna momba ny **sorona fanalana ny ota**: «Eo amin'ny toerana famonoana ny sorona dorana manontolo, dia eo anoloan'ny Toeramasin 'ny TOMPO, no famonoana ny sorona fanalana ny ota. Zava-masina dia masina izany... » (Lev 6:17-18 sns).

«Izao no lalàna momba ny **sorom-panonerana** : «Zava-masina dia masina izany, ka eo amin'ny toerana famonoana ny sorona dorana manontolo no hamonoana ny sorom-panonerana; ary ny ra dia hatopiny manodidina amin'ny lafin'ny alitara... » (Lev 7:1-2 sns)

E - Ny fanatim-panavotana amin'ny andro fanavotoka ana

Le sacrifice du jour des Expiations (*Yom kippour*) en Lévitique 16.

Le grand prêtre était **la seule personne qui pouvait entrer dans le lieu très saint** pour l'expiation du péché du peuple.

Une fois par an, en plus de l'expiation des péchés individuels, il procédait à une expiation générale des péchés des prêtres et du peuple.

«Koa hatolotr'i Aharôna izany ny ombilahy hatao sorona fanalana ny ota ho an'ny tenany; izay izy vao hanao ny fombam-pivavahana famelan-keloka ho an'ny tenany sy ny ankohonany. Rehefa avy namono ilay ombilahy i Aharôna, dia haka fanembohana nofenoina vain'afo avy amin'ilay alitara izay ao amin'ny Toeramasina sy haka vovoka ditin-kazo manitra eran-tanan-droa, ka hitondra izany rehetra izany ao anatin'ny Toeramasina Indrindra. Eo anatrehan'ny TOMPO eo i Aharôna no hanisy ditin-kazo manitra eo ambonin'ny vain'afo ka hosaronan'ny setrok'izany ilay rakotra volamena eo ambonin'ny Fanekempihavanana mba tsy hahafaty an'i Aharôna. Dia hangalany ny ran'ilay ombilahy ka hafafin'ny fanondrony eo amin'ny rakotra volamena, lafy atsinanana; ary eo anoloan'ny rakotra volamena koa dia hamafazany ra impito amin'ny fanondrony. Manaraka izany, rehefa voavonon'i Aharôna ny osilahy izay hatao sorona fanalana ny ota ho an'ny vahoaka israelita, dia hoentiny miditra ao anatin'ny Toeramasina Indrindra koa ny rany; hataony tahaka ny efa nataony tamin'ny ran'ilay ombilahy izany, ka hafafiny eo ambonin'ny rakotra volamena sy eo anoloany . Ary hotontosain'i Aharôna ny fombam-pivavahana fanadiovana ny Toeramasina Indrindra, noho ny fahalotoana amam-pahadisoan'ny Israelita, araka ny fahotana rehetra vitany; toy izany koa no hataon'i Aharôna amin'ny faritra sisa ao amin'ny Tranolay fihaonana, izay mitoetra miaraka amin'ny Israelita sady eo afovoan'ny fahalotoany. Tsy tokony hisy olona eo amin'ny Tranolay fihaonana, manomboka hatreo amin'ny idiran'i Aharôna hanao ny fombam-pivavahana famelan-keloka mandra-pialany tao. **Rehefa vita ny fombam-pivavahana famelan-keloka ho an'ny tenany sy ho an'ny ankohonany ary ho an'ny Fiangonan'ny Israelita tsivakivolo, dia hivoaka hankeo amin'ny alitara eo anoloan'ny Tranolay fihaonana izy , ka hanao ny fombam-pivavahana fanadiovana io alitara io. Samy hangalany avy ny ran'ny ombilahy sy ny ran'ny osilahy hanentenany ny tandroky ny alitara eo amin'ny zorony efatra; ary hamafazany ra impito amin'ny fanondro koa ny alitara. Dia toy izany no hanadiovan'i Aharôna ny alitara ho afaka amin'ny fahalotoan'ny Israelita ka hamerenan-kasina azy indray. » (Lev 16:11-19)**


F - Nitohy ny fisoronana taorian'ny fahababoana tany Babylona ka hatramin'ny naharavan'ny Tempoly taona 70 taorian'i J.K.

Après le retour de l'exil babylonien et la construction du second Temple, le sacrifice pour le péché est rétabli. De même, pendant la vie de Jésus, on a offert un sacrifice pour lui lors de sa présentation au Temple. (Luc 2:22-24).

Quand Jésus est mort sur la croix, le rideau qui empêchait le croyant d'entrer dans le lieu très saint est déchiré.

« *voici, le voile du temple se déchira en deux de haut en bas* » (Matt. 27:51).

« *Ary indro ny efitra lamba tao amin'ny Toeramasina fa nitriatra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambany.* » (Matio 27:51a)



II - Ny fisoronan'ny mpino tao amin'ny T.V. (Le sacerdoce dans le N.T.)

Les sacrifices que le N.T. mentionne ne sont plus du Temple mais le sacrifice d'expiation du Christ et les sacrifices spirituels des chrétiens: le « sacerdoce universel » a été inauguré. Maintenant, grâce à l'œuvre de Jésus-Christ, le croyant peut apparaître avec confiance en présence de Dieu.

« Fa tonga kosa i Kristy ho Mpisorombe ny amin'ny zava-tsoa efa tanteraka ankehitriny . I Kristy dia namakivaky tranolay lehibe lavitra sady tsara lavitra, izay tsy nataon'olombelona ka tsy mba isan'izao zavaboahy izao. Indray mandeha monja no nidirany tao amin'ny Toeramasina Indrindra, dia ampy; ary tsy mba ran'osilahy na ran-janakomby no nentiny hatolotra, fa ny ra nafoin'ny tenany no nentiny hatolotra ka nahazoany fanavotana mandrakizay ho antsika. » (Hebreo 9:11-12)

« Aoka àry hotanantsika mafy ny finoana efa nekentsika, satria isika manana Mpisorombe tsy anoharana izay lasa namakivaky ny lanitra, dia i Jesoa ilay Zanak'Andriamanitra . Tsy mba Mpisorombe tsy afaka miara-mizaka ny fahalementsika no ananantsika, fa Mpisorombe efa nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka antsika ihany, saingy tsy mba nanota.

Koa aoka isika hatoky hanatona ny sezafiandrianan'Andriamanitra, izay toeram-pahasoavana; eo no hahazoantsika famindrampo ary koa habitantsika fahasoavana, ka hanampian'Andriamanitra antsika amin'ny fotoana ilantsika izany. » (Hebreo 4:14-16)

II=>

« Manatona ny Tompo ianareo mba ho tahaka ny vato velona voarafitra ho trano onenan'ny Fanahy Masina, **ka hiara-manao fisoronana amin'ny alalan'i Jesoa Kristy...** Fa ianareo dia taranaka voafidy, fanjaka-mpisorona, firenena masina, vahoaka natao ho fananan'Andriamanitra, mba hitory ireo asa lehibe vitan'Andriamanitra izay niantso anareo hiala tamin'ny haizina ho any amin'ny fahazavana mahagaga. » (1 Petera 2:5,9)

« [Vous êtes] un **saint sacerdoce**, pour offrir des sacrifices spirituels, agréables à Dieu par Jésus Christ (...), une race élue, un sacerdoce royal, une nation sainte, un peuple acquis » (1 P 2, 5.9)

« ary ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'i Jesoa Kristy , ilay Vavolombelona mahatoky, ilay Zanaka lahimatoa sady voalohany natsangana ho velona avy tany amin'ny maty, ary ilay filohan'ny mpanjakan'ny tany! Tia antsika i Jesoa Kristy ka efa namaha antsika tamin'ny fatoran'ny fahotantsika fony Izy nahafoy ny rany, ary efa nahatonga antsika ho fanjaka-mpisorona hanompo an'Andriamanitra Rainy. Ho an'i Jesoa Kristy anie ny voninahitra sy ny fahefana mandrakizay mandrakizay! Amen » (Apô1:5-6)

« Il nous a faits un **royaume, des sacrificateurs** pour son Dieu et Père » (Ap 1, 6)

« Ary nataonao fanjaka-mpisorona ireo mba hanompo an'Andriamanitsika sy hanjaka etỳ ambonin'ny tany.»(Apô 5:10)

« Et tu les as faits **rois et sacrificateurs** pour notre Dieu » (Ap 5, 10).

« Ry havana, satria efa nanehoan'Andriamanitra ny hatsaram-pony isika, dia manainga anareo aho, **mba samy hanolotra ny tenanareo ho sorona velona**, voatokana ho an'Andriamanitra sady ankasitrahany. Izany no fanompoam-pivavahana tokony hataonareo. »(Rôm 12:1)

« Je vous encourage donc à offrir votre corps comme un sacrifice vivant, saint, agréable à Dieu. Ce sera de votre part un culte raisonnable. » (Romains 12:1)

III - Lotera sy ny fisoronan'ny mpino rehetra (Martin Luther et le S.U.C)

ÉTAT ECCLÉSIASTIQUE	ÉTAT LAÏQUE
PAPE	PRINCE
EVEQUES	SEIGNEURS
PRETRES	ARTISANS
MOINES	PAYSANS

Martin Luther a (re-)forgé le concept de sacerdoce universel des croyants et l'a (re-)employé en 1520.¹

Dans un contexte de polémique contre la séparation religieuse entre *clercs et laïques* dans la société du 16e siècle et dans l'Église catholique romaine de l'époque.

En fait, on a inventé que le Pape, les Evêques, les Prêtres, les moines seraient appelés état ecclésiastique, les Princes, les Seigneurs, les artisans et les paysans *l'état laïque*.²

=> [Des castes et des hiérarchies ecclésiastiques]

En s'en prenant à cette distinction et en déclarant que tous les croyants sont prêtres, Luther s'attaquait à une partie de l'organisation sociale de son époque. Il affirmait que par leur baptême, tous les croyants étant **égaux en dignité devant Dieu**, chaque croyant peut et doit prendre sa part de ministère dans toute l'Église, dans le respect des différences, quelles qu'elles soient.

IV - Ny fisoronan'ny mpino rehetra sy ny asa fanompoana eo amin'ny fiangonana (Le sacerdoce universel et les ministères)

¹ Dans sa lettre À la noblesse chrétienne allemande; puis dans deux autres écrits : De la captivité babylonienne de l'Église et le Traité de la Liberté chrétienne.

² On a comparé le pape au soleil, l'empereur à la lune, les évêques aux étoiles, le clergé au jour et les laïcs à la nuit.

La proclamation du sacerdoce universel a donné lieu à des interprétations différentes qui vont de la négation de tout sacerdoce à la délégitimation de toute forme de ministères. Mais dès la même année, Luther précisait sa pensée : « *S'il est vrai que nous sommes tous prêtres, nous ne pouvons cependant pas tous être chargés du service et de l'enseignement* » et en 1566, la Confession réformée déclare: « *la prêtrise est commune à tous les chrétiens, mais non pas le ministère.* »³

Il faut donc faire attention que même si nous sommes tous prêtres, nous ne devons pas tous prêcher ou enseigner ou gouverner ; mais on doit choisir parmi les croyants ceux auxquels on veut confier un tel ministère.⁴

=> [Appelé, formé, envoyé]

ATTENTION! Le sacerdoce de tous les croyants n'annule surtout pas notre effort d'avoir des pasteurs « matihanina », au contraire mais engager des pasteurs pour faire le travail du ministère pendant que les laïcs paient et observent n'est pas non plus le plan de Dieu pour notre église. Le pasteur n'est pas le salarié de l'église, il n'est pas non plus le patron. Il est un ministre de la Parole et gardien du troupeau de Dieu.

SAP KNPL VFL du mercredi 24/03/21

RAPPEL

Jésus a reçu une triple fonction de Prophète, de Prêtre et de Roi.

Jésus Christ (oint: mandaté pour):

Promis dans l'A.T.

Accompli dans le N.T

	És. 61:1ss	Luc 4:18-1
a. Prophète:	Deut. 18:18	Ac. 3:22
b. Prêtre:	Ps. 110:4	Héb. 7:21
c. Roi:	Ps. 132:11	Ac. 2:30

Nous avons vu que dans l'AT ces trois fonctions sont gardées séparées. Avec Jésus, elles sont réunies en une seule personne (Prophète, Prêtre et Roi):

³ Confession Helvétique Postérieure chap.18

⁴ La fonction **de prêtre** est plutôt une fonction de médiation (mpisorona).

Le terme «**pasteur**» désigne un berger chargé de s'occuper d'un troupeau (mpiandry ondry). Il guide le troupeau et porte les brebis fragiles et malades (image de l'étole).

a. Prophète:

- Il nous fit connaître son Père par ses paroles et ses actes (Jean 1:18).
- Il conduit son Église dans la vérité par sa Parole et son Esprit (Jn 16:13).

b. Prêtre:

- Par ses souffrances et son sacrifice sur la croix; par ses prières et bénédictions.
- Par son intercession auprès du Père (Héb. 4:14-16; 1 Jean 2:1; Jean 17:24).
- Il est à la fois l'agneau immolé, le Grand prêtre, le Temple et le Dieu qui reçoit le sacrifice.

c. Roi:

- Il dirigeait son peuple et le protégeait de ses ennemis.
- Il régnait sur toutes créatures (terrestres et célestes, visibles et invisibles) dans l'obéissance à la volonté de son Père.
- Il nous dirige et nous gouverne par sa Parole et son Esprit; il rassemble son Église.

Lectures.

Ésaïe. 61 La venue du Messie annoncée

Luc 4:16-30 La venue du Messie accomplie

Jean 1:18 Le Messie comme Prophète

Deut. 18:15 Le Messie annoncé comme le plus grand Prophète de Dieu

Hébreu. 7:17-28 Le Messie comme Prêtre

Jean 17 La prière sacerdotale du Messie (Prêtre)

Genèse 14; Hébr. 5:7 Le Messie selon Melchisédek (Grand prêtre).

Psaumes 110 Le Messie comme Roi

Matthieu 21:1-11 Le Messie Roi entre à Jérusalem

Matthieu 28:18-20 Le Messie détient tout pouvoir et toute autorité (Roi).

V - Fampiharana ny fisoronan'ny mpino rehetra eo amin'ny fiangonana - Mise en pratique du sacerdoce universel des croyants.

35Efa hariva ny andro vao nanatona an'i Jesoa ny mpianany ka nanao hoe:
–Taniefitra ity toerana ity ary ny andro efa hariva; **36**ka ravao ny olona mba handeha hividy sakafo eny amin'ny trano an-tsaha sy tanàna kely manodidina.
37Fa novalian'i Jesoa hoe:
–**Ianareo ihany no aoka hanome hanina azy.**
Dia hoy ny mpianatra taminy:
–Ka handeha àry ve izahay hividy mofo denàry roanjato homena hohaniny? **38**Fa hoy i Jesoa taminy:
–Misy mofo firy any aminareo? Ndeha hoe jereo.
Ka nony fantatry ny mpianany, dia hoy ireo hoe:
–Mofo dimy, ary koa trondro roa!
39Dia nomen'i Jesoa baiko ny mpianatra hampipetraka ny olona rehetra, ka hampitsitokotoko azy eny ambony ahimaitso. **40**Dia nipetraka nitsitokotoko zato sy dimampolo avy ny olona. **41**Noraisin'i Jesoa tamin'izay ny mofo dimy sy ny trondro anankiroa; ary rehefa niandrandra ny lanitra ka nisaotra an'Andriamanitra lzy, dia nanapaka ny mofo sy nanome azy ny mpianany harosony amin'ny olona; ary nozarain'i Jesoa tamin'ny olon-drehetra koa ny trondro anankiroa. **42**Dia samy nihinana avokoa izy rehetra ka voky.
43Nangonin'ireo mpianatra ny tapa-mofo ambiny ka nahafeno sobika 12 , ary nangoniny koa ny trondro sisa.
44Nefa dia nisy dimy arivo ny vatan-dehilahy nihinana mofo teo.

6Fizahan-toetra an'i Filipo no nilazan'i Jesoa izany, satria lzy nahalala rahateo izay efa hataony.
7Dia hoy i **Filipo** taminy:
–Na dia mofo mitentina denàry 200 aza, tsy ampy hahazoan'ny tsirairay sombiny kely akory!
8Ny anankiray tamin'ny mpianany koa, dia i Andrea rahalahin'i Simôna Petera, nilaza taminy hoe:
9–**Misy zazalahy ao manana mofo ôrza dimy sy trondro madinika** anankiroa; fa ho ampy inona izany amin'izao olona marobe izao?
10Dia hoy i Jesoa hoe:
–Asaovy mipetraka ny olona! Noho ny fisian'ny ahitra be teo amin'ilay toerana, dia nipetraka ny olona ka tokony ho dimy arivo no isan'ny vatan-dehilahy.
11Tamin'izay i Jesoa no nandray ireo mofo ka nony avy nisaotra an'Andriamanitra dia nizara azy ho an'izay nipetraka hihinana; ary nozarainy toy izany koa ny trondro arakaraka izay nilain'ny mpihinana.
12Rehefa voky ny olona, dia hoy i Jesoa tamin'ny mpianany:
–Angony ny tapa-mofo sisa tsy lany, mba tsy hisy ho very!
13Dia nangonin'ireo mpianatra, ka nahafeno sobika 12 ny tapa-mofo avy amin'ny mofo ôrza dimy, dia izay sisa tsy lanin'ny nihinana.

**Omen'i Jesoa sakafo ny olona
mihoatra ny dimy arivo
(Mar 6: 30 - 44)**

30Ary dia niverina teo amin'i Jesoa ireo apôstôly nitantara taminy izay rehetra nataony sy nampianariny. **31**Fa hoy i Jesoa taminy:
–Ndao ianareo hitokana any an-taniefitra hiala sasatra kely.
Maro loatra mantsy ireo olona nifamoivoy, ka tsy nisy fotoana hisakafoan'i Jesoa sy ny apôstôly akory.
32Dia niondrana an-tsambokely ry i Jesoa ka nandeha nitokana any an-taniefitra. **33**Hitan'ny olona fa niainga ry zareo ary maro no nahalala ny toerana halehany; dia nirohotra nandeha antongotra avy tany amin'ny tanàna rehetra ny olona, ka tonga talohany teo.
34Rehefa niala tao an-tsambokely i Jesoa, dia nahita vahoaka maro; ka onena azy ireo ny fony satria tahaka ny ondry tsy misy mpiandry ireo, ary dia zavatra maro no nampianariny azy ireo.

**Omen'i Jesoa sakafo ny olona
mihoatra ny dimy arivo
(Jao 6: 1 - 13)**

1Taorian'izany, dia lasa i Jesoa nankeny ampitan'ny farihin'i Galilea (na hoe farihin'i Tiberiada). **2**Nisy **vahoaka maro** nanaraka Azy, noho ny nahitan'izy ireo ny famantarana nataon'i Jesoa hanasoavana ny marary. **3**Dia niakatra teo antendrombohitra ry i Jesoa, ka nipetraka teo Izy mbamin'ny mpianany. **4**Tamin'izay dia efa akaiky ny Paska, ilay fankalazana fanaon'ny Jiosy. **5**Rehefa nanopy maso i Jesoa ka nahita fa nisy vahoaka maro nanatona Azy, dia nilaza tamin'i Filipo hoe:
–Aiza no hividianantsika mofo hohanin'ireo?

Application du S.U.C

Le service des sacrificateurs consiste en:

1. Fanoloran-tena (fiainana) tanteraka / Consécration totale:

Consécration de la vie entière à Dieu, « comme un sacrifice vivant, saint, agréable à Dieu ».

« Koa amin'izany, mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, ankasitrahan'Andriamanitra; fanompoam-pivavahana tsara hataonareo izany. » (Romana 12:1) <https://my.bible.com/bible/1219/ROM.12.1>

Culte / fanompoam-pivavahana (latréia)

Le chrétien, en tant que sacrificateur s'offre d'abord lui-même à Dieu:

« Tianay hampahafantarina anareo, ry havana, ny fahasoavana nomen'Andriamanitra tao amin'ireo Fiangonana any Masedônia. Voasedra mafy tamin'ny fahoriana nahazo azy ny mpino, kanefa lehibe tokoa ny hafaliany ary nahafoy mihitsy izy ireo tamin'ny famoriam-bola, na dia tena mahantra aza. Vavolombelona nahita aho fa nanome araka izay zakany ry zareo, eny mihoatra noho izay zakany aza; nahim-pony no niangaviany mafy taminay mba hahazo tombon-tsoa handray anjara amin'ny fanasoavana ny vahoakan'Andriamanitra any Jodea . Nanao mihoatra noho izay nantenainay izy ireo, fa nanolo-tena ho an'ny Tompo aloha, ary ho anay koa noho ny sitrapon'Andriamanitra. » (2 Kôrintianina 8:1-5) <https://my.bible.com/bible/396/2CO.8.1-5>

2. Fanati-piderana / Offrir un sacrifice de louange.

« Koa amin'ny alalan'i Jesoa aoka hatolotsika ho sorona ho an'Andriamanitra mandrakariva ny fideràntsika Azy, dia fiderana ventesis'ny molotr'ireo olona miaiky an'Andriamanitra ho Tompo. » (Hebreo 13:15) <https://my.bible.com/bible/396/HEB.13.15>

« Rehefa nandray ny boky Izy dia niankohoka teo anatrehan'ny Zanak'ondry ny zavamananaina efatra sy ny loholona efatra amby roapolo, ary samy nanana lokanga sy lovia volamena feno ditin-kazo manitra izy, dia ny vavaka ataon'ny olona masina izany. » (Apokalipsy 5:8) <https://my.bible.com/bible/1219/REV.5.8>

« Ary nisy anjely iray koa tonga ka nitsangana teo ambonin'ny alitara; nitondra lovia volamena fandroana ditin-kazo manitra izy. Nomena ditin-kazo manitra betsaka izy mba hatolony izany miaraka amin'ny vavaky ny olona masina rehetra eo ambonin'ny alitara volamena fandroana ditin-kazo manitra, izay eo anoloan'ny sezafiandrianana. » (Apokalipsy 8:3) <https://my.bible.com/bible/1219/REV.8.3>

Par Jésus, nous offrons sans cesse à Dieu un sacrifice de louange, c-à-d. le fruit de lèvres qui confessent son nom. (Heb 13.15). Dans Ap. 5.8 et 8.3, le parfum qui monte vers le trône de l'Agneau c'est « la prière des saints » c.-à-d. de tous les chrétiens.

3. Fanompoam-pisoronana amin'ny alalan'ny vavaka fangatahana / La prière d'intercession.

a) Fivavahana ho an'ny olona rehetra

« Hafatrafarako voalohany indrindra àry ny hanaovana fangatahana sy fivavahana ary fitalahoana sy fisaorana amin'Andriamanitra **ho an'ny olona rehetra**; » (1 Timôty 2:1) <https://my.bible.com/bible/396/1TI.2.1>

b) Fivavahana ho an'ny kristiana rehetra ary indrindra ho an'ny Mpitoriteny:

« ...mivavaha ho an'ny vahoakan'Andriamanitra rehetra. Mivavaha ho ahy koa mba homen'Andriamanitra ny teny hotononiko rehefa hila-bava aho, ka dia ho sahy hampahafantatra ny tsiambaratelo raketin'ny Vaovao Mahafaly. » (Efesianina 6:18-19) <https://my.bible.com/bible/396/EPH.6.18-19>

« Farany, ry havana, mivavaha ho anay mba hiely faingana ny tenin'ny Tompo, ka hankatoavina araka ny voninahitra tandrify azy, toy ny teo aminareo. Mivavaha koa mba hanafahan'Andriamanitra anay amin'ny olona tsy valahara sy ratsy fanahy; satria tsy ary manana finoana avokoa ny olona rehetra. » (2 Tesalônianina 3:1-2) <https://my.bible.com/bible/396/2TH.3.1-2>

d) Fivavahana ho an'ny mpitondra

« Hafatrafarako voalohany indrindra àry ny hanaovana fangatahana sy fivavahana ary fitalahoana sy fisaorana amin'Andriamanitra ho an'ny olona rehetra; mivavaha ho an'ireo filoham-pirenena sy ny manam-pahefana rehetra, mba hiainantsika miadana sy mandry feizay ombàn'ny firaiketam-po tanteraka amin'Andriamanitra sy ny fitondrantena maotina. » (1 Timôty 2:1-2) <https://my.bible.com/bible/396/1TI.2.1-2>

Si dans l'A.T, l'intercession était l'une des fonctions spécifiques des prêtres (Ex 28.9, 29; 39.6-7), maintenant, tous les chrétiens ont le privilège et le devoir d'intercéder pour tous les hommes (1Ti 2.1) spécialement pour les autres croyants et les serviteurs de Dieu (Eph 6.18-19; 2Th 3.1) - soit dans notre prière personnelle, soit dans les réunions de prière (cf. Act. 12.12).

4. Fanompoam-pisoronana ny fitoriana ny Filazantsara. L'annonce de l'Évangile est un service sacerdotal.

L'annonce de l'Évangile est présentée par l'apôtre Paul comme un service sacerdotal "afin que les païens soient (pour Dieu) comme une offrande agréable, étant sanctifiée par l'Esprit Saint". Ro 15.16

« *fa izaho dia natokan'Andriamanitra ho mpanompon'i Kristy Jesoa eo amin'ny hafa firenena . Manatontosa fanompoana toy ny mpisorona aho, amin'ny itoriako ny Vaovao mahafaly avy amin'Andriamanitra, mba ho zary fanatitra ankasitrahin'Andriamanitra ireo hafa firenena, rehefa voatokana ho azy noho ny asan'ny Fanahy Masina. » (Rômanina 15:16) <https://my.bible.com/bible/396/ROM.15.16>*

Tous les chrétiens sont appelés à être des témoins de Jésus-Christ (Ac 1.8) et à répondre de l'espérance qui est en eux (1Pe 3.15). L'une des fonctions des sacrificateurs était l'enseignement (Mal 2.7) Nous sommes à la fois prêtres et prophètes (No 11.29; Ac 2.17; 1Co 14.31; Ph 2.15).

5. Asam-pisoronana amin'ny alalan'ny fifampaherezana / L'édification mutuelle est un sacerdoce.

Comme nous avons vu, les sacrificateurs de l'AT avaient trois fonctions essentielles: servir Dieu dans le sanctuaire, enseigner la loi au peuple et consulter l'Éternel (Ex. 28.30; Esd. 2.63; Nb. 16.40; 18.5; 2 Chr. 15.3; Jr. 18.18; Ez. 7.26; Mich. 3.11).

Nous, les chrétiens avons hérité ces 3 fonctions. Nous sommes appelés à servir nos frères et soeurs par l'enseignement mutuel et l'aide que nous pouvons leur apporter dans la recherche de la volonté de Dieu. [Exhortez-vous les uns les autres (Col 3.16; 1Th 5.11; Heb 3.13; 10.25). Instruisez-vous (Col 3.16). Édifiez-vous (Ro 14.19). Portez les fardeaux les uns des autres (Ga 6.2). Entretenez-vous par des psaumes, des hymnes, des cantiques spirituels (Eph 5.19). Ayez soin les uns des autres (1Co 12.24-25)

6. Fanaovan-tsoa (Asa soa) sorona sitrak'Andriamanitra / La bienfaisance et la libéralité sont des sacrifices auxquels Dieu prend plaisir.

« *Aza hadinoina ny fanaovan-tsoa sy ny fifanampiana, **fa sorona** toy izany no sitrak'Andriamanitra.* » (Hebreo 13:16)

En remerciant les Philippiens pour leur don matériel, l'apôtre Paul utilise un vocabulaire sacerdotal: c'est « *un parfum de bonne odeur, un sacrifice que Dieu accepte et qui lui est agréable* ». Ph 4.18 (cf. 2 Cor. 9.11-15).

« *Eny, manana ny zavatra rehetra ilaiko aho izao sady manana amby ampy; efa voaraiko tamin'i Epafrôdito ny fanomezana avy aminareo, ka heni-tsoa mitafotafo aho. Izany fanomezanareo izany dia toy ny zava-manitra*

mamerovero atao sorona ka raisin'Andriamanitra sady ankasitrahiny » (Filipianina 4:18)

« Hataon'Andriamanitra hanan-karena amin'ny zavatra rehetra ianareo mba hahafoy be amin'ny fanasoavana isan-karazany; ka hahatonga ny olona hisaotra an'Andriamanitra noho ny fanomezanareo entinay ho azy ireo. Satria ny fanaovana izao asa famoriam-bola izao dia tsy hoe mahafa-pahasahiranana ny vahoakan'Andriamanitra any Jodea fotsiny, fa mahabe ny fisaoran'ny maro an'Andriamanitra koa. Misy vidiny tokoa izao asa fanasoavana izao, ka maro no hanome voninahitra an'Andriamanitra noho ny fanoavana anehoanareo fa inoanareo ny Vaovao Mahafaly nentin'i Kristy ; maro koa no hanome voninahitra an'Andriamanitra noho ianareo nahafoy be nizara harena tamin-dry zareo any Jodea sy tamin'ny olona rehetra. Hivavaka ho anareo izy rehetra, fa ankamamiany tokoa ianareo satria nihoa-pampana ny fahasovana nomen'Andriamanitra anareo. Hisaorana anie Andriamanitra noho ny fanomezany tsy hay visavisaina! » (2 Kôrintianina 9:11-15)

À DIEU SEUL SOIT LA GLOIRE!